


**Ramatoa Victoire Brigitte Razaka eo amin'ny micro**

Tsy asiako resaka be fa adikako eto io ny taratasy amin’ny teny frantsay nozaraina tao amin’ny Hotely Radisson etsy Ambodivona io, ny tolakandron’ny Alahady 26 Marsa 2023.

Niatrika ny mpanao gazety dia Ramatoa Victoire Brigitte Razaka sy ny mpisolovavan’ny fianakaviany, Me Andriamparanirina Fanja.



**Fanambarana ho an'ny mpanao gazety ny 26/03/2023 momba ny fitoriana an'Atoa Lola Rasoamaharo**




**Me Andriamparanirina Fanja eo amin'ny micro**

Ny zava-misy dia mihodinkodina amin'ny fikasana haka vola an-keriny, fandrahonana, fanalam-baraka, fanevatevana ary firaisana tsikombakomba.

Noho ny fifanarahana mazava tsara nifaonaovan'ny roa tonta tamin'ny taona 2019 izay, mandrak'ankehitriny, mamela ny andaniny bokan'ny trosa dia **hanery an'ity farany handoa vola 885.000.000 Ar, Atoa Lola Rasoamaharo**

.

**Io Volabe takiany io dia sady tsy ara-dalàna no tsy nanomezan'Atoa Lola Rasoamaharo fanamarinana na kely aza**; na dia nisy aza ny fangatahan'ny mpitory matetika ny momba izany.

Fa fandrahonana sy finiavana hanimba ny mpitory sy ny lazany ary ny fianakaviany eo anivon »ny fiarahamonina ihany no valin-tenin'Atoa Lola Rasoamaharo.

Koa satria efa tsy mistery ho an'iza na iza intsony ny fanaony sy ny fomba fiasany, dia lava ny lisitr'ireo niharam-boina taminy. **Ary dia notanterahan'Atoa Lola Rasoamaharo tokoa ny fandrahonana nanomboka ny herinandron'ny 05 febroary 2023: fanaratsiana ao amin'ny facebook, fanambaniana sy fanaratsiana amin'ny alalana soratra eny amin'ny rindrin'Antananarivo, faneriterena ara-môraly amin'ny alalan'olon-kafa, fanohitohinana ara-moraly tsy nitsaha-nitombo am-bava sy an-tsoratra** ...

Voatery norakofan'ny mpitory loko mainty ireo graffiti miisa 40 natao teny amin'ny rindrina eto Antananarivo. **Tsy nahasakana an'Atoa Lola Rasoamaharo nampanoratra graffitis vaovao miisa 50 tamin'ny 22 martsa 2023** , tamina lokofotsy teo ambon'ny loko mainty nataon'ny mpitory. Izany fomba izany noheveriny fa hahatonga ny mpitory handoany aminy ny volabe 885.000.000 Ariary izay tsy misy fanazavana sy fanamarianana ny antony tokony andoavany izany.

Tsy nanan-tsafidy afa-tsy ny nametraka fitarainana momba ny fiarovana azy sy ny ankohonany ny mpitory.

Nentina teny amin'ny fitsarana ny raharaha izay tsiahivina eto mazava fa **olona roa ihany no mifanandrina ka ao anatina sehatra manokana na**
***« cadre privé »***
**. Natao izany fanambarana izany mba hialana amin'ny fikasana hamoaka vaovao diso sy fanodinkodinana ny zava-misy**
./.

**Noraisin'i Jeannot Ramambazafy**

**Sary : Andry Rakotonirainy sy Harilala Randrianarison**